

Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson

# Ny fomba ahafahanao ho lasa misiônera



Ny Tompo dia nilaza tamin'ny mpianany hoe "mandehana . . . any amin'izao tontolo izao, ary mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka 16:15). Mendrika ny hanana fahafahana hahafantatra ny tsirairay hoe aiza no hahitany ny fanantenana sy ny fiadanan'i Jesoa Kristy. Manana andraikitra masina ny hizara ny fiadanan'i Jesoa Kristy amin'izay rehetra hihaino isika tsirairay.

Azonao atao ny manampy ny hafa hahita ny fiadanan'ny filazantsara amin'ny alalan'ny:



Ohatra tsara asehonao.



Fanarahana an'i Jesoa Kristy mba hamirapiratan'ny fahazavany eo amin'ny masonao.



Fanitaranao ny vondron'olona raisinao ho namana.



Fanasana ny namana iray hamaky ny Bokin'i Môrmôna.



Fanasanao ny namana iray hiaraka aminao hanatrika fivoriampiangonana na fiaraha-mientana.

Afaka manapa-kevitra ny hanao asa fitoriana koa ianao rehefa lehibe kokoa. Hitahy anao sy ny maro hafa izany.

*Namboarina avy amin'ny "Mitory ny filazantsaran'ny fiadanana",* Liahona, *mey 2022, 6–7; sy ny "Aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao",* Liahona, *nôv. 2010, 47–49.*

## Vondron'olona raisina ho namana

Eo amin'ny sary etsy ambany, jereo hoe namana firy mandritra ny fiaraha-mientan'ny Kilonga iray no:

- Manana volo mainty
- Manao akanjo ambony mavo
- Mirandrana
- Manao solomaso
- Manana kitapo babena maitso
- Manao kiraro menamena
- Mampiasa seza misy kodiarana
- Manana baolina



SARY NATAON'I GARTH BRUNER